Tantsoroka avy amin’ny Banky iraisam-pirenena :

# Fianakaviana maro no misitraka ny Fiahiana mpiara-belona ho fiarenana taorian’ny fandalovan’ny rivodoza.

***Namela takaitra mafy ny rivodoza Fytia sy Gezani, farany teo. Faritra, distrika, kaominina, tanàna maro no nandalovany ary niteraka fiantraikany maharitra tany amin’ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toekarena, vokatry ny fikorontanan’ny toetrandro. Vahaolana nampihena ny fiantraikany ary nahafahana niatrika izany ny tantsoroky ny Banky iraisam-pirenena, tamin’ny alalan’ny fiahiana mpiara-belona. Nahafahan’ny tokantrano maro manarina tsikelikely ny fiainany indray izany.***



Renim-pianakaviana monina any Toamasina i Justine. « *Tsy nahita toerana nipetrahana izaho sy ireo zanako satria nofaohin’ny rivodoza avokoa ny tranonay, ny vatsy kely rehetra tao an-trano ary ny fanananay* », hoy izy an-dranomaso.

Torak’izany koa i Armand, raim-pianakaviana, mipetraka any Ankirihiry. « *Ny ampitson’ny 10 febroary 2026, nandalovan’i Gezani, lasa traboina daholo ny olona rehetra, miaina anaty fahantrana lalina, satria rava daholo ny fananana, potika ny trano fonenana* », hoy izy.

Maneho ny fahoriana sy ny fijalian’ny mponin’i Toamasina ireo notaterina ireo. Tokantrano maro no lasa marefo sy latsaka anaty fahantrana lalina.

Araka ny tatitry ny Birao Nasionaly misahana ny fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza (BNGRC), anisan’ny rivodoza tena mahery vaika, indrindra, sady niteraka voka-dratsy maro teto amintsika ny rivodoza Gezani, tato anatin’ny 15 taona farany. Miisa 25 ny distrika nandalovany tany amin’ny Faritra 5 (Atsinanana, Analamanga, Analanjirofo, Itasy ary Alaotra Mangoro). Niisa 62 ny olona maty, 13 ny tsy hita popoka, 804 ny naratra, 15 948 ireo nafindra toerana ary 426 906 ireo traboina.

## Vahaolana maharitra ny fiahiana mpiara-belona

Manamarina ireo tranga ireo fa misy fetrany ny fahafahana miatrika ny loza voajanahary misesy. Raha tsy misy ny paikady mirindra mifantoka amin’ny fanarenana maharitra dia ahiana hiitatra any amin’ny krizy ara-drafitra ny vokatr’i Gezani. Izay no nahatonga ny governemanta malagasy, miaraka amin’ny famatsiam-bola avy amin’ny Banky iraisam-pirenena, nametraka ny « Fiahiana mpiara-belona », ho fanoitra ahafahana mampihena ny fiantraikan’ny loza sy mampihena ny fitotongan’ny lafiny toekarena ho an’ny isan-tokantrano. Napetraka ity paikady ity ho vahaolana maharitra isorohana ny fahavoazana.

Tokantrano aman’aliny no kendrena ho afaka hiatrika ny fiantraikan’ny loza voajanahary. Tanjona, ny fahafahan’ny isan-tokantrano miarina tsikelikely sy hiverina amin’ny fiainany andavanandro. Anisan’ny fiahina mpiara-belona napetraka ny « *Asa Vonjy Voina* » izay ahitana ny fanampiana ara-bola tsy misy fepetra (TMNC) omena ny tokantrano traboina sy marefo ahafahan’izy ireo miatrika ny filàny maika tena laharam-pahamehana. 280 000 Ar (140 000 Ar x 2 natao indray mandoa) no sandan’ny fanampiana ara-bola omena isaky ny tokantrano traboina. Mihoatra ny 58 000 ny tokantrano efa nisitraka izany, raha ny antontanisa ny 22 aprily 2026, ho an’i Toamasina I ary maherin’ny 19 000 ho an’i Toamasina II.

Anisan’ny nisitraka ny fanampiana ara-bola Ramatoa Ravoniarisoa Simone, mpanasa lamba sady renim-pianakaviana mananontena, any Tsarakofafa Toamasina. « *Nividianako tafo fanitso avy hatrany ny vola, hanarenako ny trano fonenako » hoy izy. Toy ny an’i Simone, laharam-pahamehana ny f*anarenana amin’ny laoniny ny fiainana andavanandro sy ny asa fihariana. Ho an-dRazafindrabary Florine, nentiny nanarina ny posy bisikiletany ny vola azony, mba hamerenany amin’ny laoniny tsikelikely ny asa fidiram-bolany.

Misy ihany koa ny Asa Tanamaro sandaina vola (ACT-HIMO) mifameno amin’ny fanampiana ara-bola. Ny Asa Tanamaro dia atao manerana ny fokontany any Toamasina, ary miasa mandritra ny 20 andro ireo mpisitraka. Maherin’ny 83 000, ankehitriny, ny tokantrano misitraka izany, izay mitsinjara amin’ny sahan’asa miisa 621 any Toamasina I sy Toamasina II. Ahafahan’ireo mpisitraka manana fidiram-bola vonjimaika sady entina hanadiovana ny tanàna sy ireo toerana iraisana rahateo ny asa. Nahafahan’i Olivia, toy ireo vehivavy loham-pianakaviana mananontena hafa, niatrika ny fiainana andavanandrony sy hihevitra ny amin’ny hoaviny ireo tantsoroka ireo.



Taorian’ny fandalovan’ny rivodoza Gezani tany Toamasina dia potika tanteraka ny Lisea fianaran’i Johannie : simba ny efitrano fianarana, niongotra ny tafo trano, … Niato avokoa ny fampianarana satria be loatra ny fahasimbana, ka niahiahy ny mpianatra ny mety hisian’ny taona fotsy.


Nisy ny asa vonjy taitra natao tao an-tsekoly, toy ny famerenana ny tafotrano niongotra sy ny fanadiovana faobe, tamin’ny alalan’ny Asa tanamaro, mba hamerenana haingana ny fampianarana.

Nivoatra haingana ny zava-nisy, roa herinandro, taty aoriana. Niverina tsikelikely ny fampianarana, noho ireo asa natao ireo. Efa afaka mianatra araka ny tokony ho izy, i Johannie sy ny iray kilasy aminy. « *Tena maivamaivana izahay, ankehitriny, afaka manohy araka ny tokony ho izy ny fianaranay* », hoy i Johannie.

**Johanie,** mpianatry ny Lycée Jacques Rabemananjara Toamasina

## Vahaolan’ny Governemanta manoloana ny rivodoza Fytia sy Gezani, famatsiam-bola avy amin’ny Banky iraisam-pirenena, tanterahan’ny FID.

(An-dalam-panatanterahana)



- **Asa Atakalo Vola amin’ny alalan’ny Asa Tanamaro** (ACT - HIMO)
- **Fanampiana ara-bola** (TMNC)

Tokantrano nisitraka miisa

**144 300**

Faritra **5**
Distrika **14**
Kaominina **49**

**ATSINANANA** Tokantrano nisitraka **106 800**
Distrika **5** Kaominina **27**

**ALAOTRA MANGORO** Tokantrano nisitraka **5 500**
Distrika **2** Kaominina **6**

**BOENY** Tokantrano nisitraka **29 500**
Distrika **5** Kaominina **13**

**SOFIA** Tokantrano nisitraka **500**
Distrika **1** Kaominina **1**

**MELAKY** Tokantrano nisitraka **2 000**
Distrika **1** Kaominina **2**

## Tokantrano maherin'ny 144 000 no tohanana hamerina ny fiainany amin'ny laoniny

Taorian'ny antso sy fangatahan'ny Governemanta malagasy dia mitentina 37 tapitrisa dolara ny famatsiam-bola voalohany, ho an'ny fanohanana vonjy taitra, avy amin'ny Banky iraisam-pirenena. Io mari-bola io dia avy amin'ny tetikasa Haraton'aina (Filets de Sécurité et de Résilience - FSR), ny Tetikasam-paritra hanomanana ny vonjy taitra sy ny fanarenana ho an'ny rehetra (Regional Emergency Preparedness and Access to Inclusive Recovery - REPAIR) ary ny Tetikasa vonjy taitra hiatrehana ny voina (Contingent Emergency Response Project - CERP), izay vao natolotry ny Banky iraisam-pirenena, ho vahaolana haingana, mora tanterahana, hiatrehana ny krizy, toy ny loza voajanahary.

Araka ny nambaran'ny Banky iraisam-pirenena, « *Mila paikady mahomby sady maharitra ny fiatrehana ny rivodoza Gezani sy Fytia. Vahaolana nahafahana niatrehana ny voka-dratsin'ny loza voajanahary ny fiahina mpiara-belona. Matoa isika afaka nandray fepetra haingana, dia teo ny fahafahan"i Madagasikara nampiasa ireo vahaolana vonjy taitra napetraky ny Banky iraisam-pirenena. Ny fiahiana mpiara-belona dia ahafahan' ny fianakaviana maro miatrika ny loza sy ireo tranga sarotra, miaro ny maha izy azy , ary mitsinjo ny hoaviny. Eto Madagasikara, ny fampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny fiahiana mpiara-belona dia manome fahafahana ireo tokantrano hiarina indray* ».

Ireo drafitrasa ireo, izay ao anatin'ny fandaharanasa *Asa Vonjy Voina* dia tanterahan'ny Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) eo ambany fandrindran'ny Birao nasionaly misahana ny fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza ary ny Minisiteran'ny Mponina sy firaisankiana. Ireo tantsoroka entina manohana ireo tokantrano traboina sy marefo dia ahitana ny Fanampiana ara-bola, ny Asa Tanamaro, ny fanomezana famenon-tsakafo manankarena otrik'aina sy fizarana masomboly. Eo ihany koa ny tantsoroka ho an'ny sehatra tsy miankina, ny famerenana amin'ny laoniny ny tafotrano simba ho an'ny sekoly sy toeram-pitsaboana ary ny fanomezana tafo fanitso sy fiofanana ho an'ireo tokantrano traboina sy marefo ao Toamasina I. Miisa 144 000 ny fitambaran'ireo tokantrano hisitraka mivantana ny tohana, vokatry ny rivo-doza Gezani sy Fytia.

### Fivoaran'ny asa natao taorian'ny rivodoza Gezani any Toamasina

**Asa Tanamaro (ACT)**

- **429** ny sahan'asa ACT tany Toamasina I
- Manodidina ny **60 500** ny tokantrano mpisitraka
- **192** ny sahan'asa tany Toamasina II
- Mihoatra ny **33 000** ny tokantrano mpisitraka

**Fanampiana ara-bola (TMNC)**

- Mihoatra ny **58 000** ny tokantrano efa nahazo vola tany Toamasina I
- Mihoatra ny **19 000** ny tokantrano efa nahazo vola tany Toamasina II

**10 ny sekoly namboarina ny tafotrano**
**58 426 m³ ny potik'hazo voaala**

*Daty : 22 aprily 2026*



Tafo fanitso roa no niongotra tamin'ny tranon'i Néomie, tamin'iny hariva iny. Nifindra tany amin'ny renibeny izy, niaraka tamin'ny zanany lahy raha nijanona teo an-toerana kosa ny vadiny, mba hiaro ny fananany. Rehefa tonga anefa ny maraina, rava tanteraka tsy nisy niangana ny tranony manontolo.

Anisan' ny nandray anjara tamin'ny asa iombonana ao anatin'ny fandaharanasa *Asa Vonjy Voina* i Néomie rehefa nampandrenesin'ny fokontany. Nanadio tanàna izy, niaraka tamin'ny mpiray monina aminy. « *Nividianana sakafo sy nikarakarana ny zanakay lahy ny tambin-karama azo tamin'ny Asa tanamaro* », hoy izy.

Nisitraka ny fanampiana ara-bola ihany koa izy ireo. Notsoriny fa « *Nahafahanay nividy kojakoja hamerenana amin'ny laoniny ny trano fonenanay ity tohana ity. Ankasitrahanay tokoa izao fanampiana anay izao, satria tsy hainay izay nanjo anay raha tsy nisy izany* ».

Miarina tsikelikely ny fiainan'i Néomie, ankehitriny. Manantena ny hamerina amin'ny laoniny ny trano fonenany izy sady ny hisandratany indray amin'ny fiainana any aoriana.

**Néomie,** nisitraka ny fandaharanasa *Asa Vonjy Voina*
Fokontany Andranomadio, Kaominina an-tanàn-dehibe Toamasina.

## Fiaraha-miasa amin'ny mpiantsehatra marolafy

Rafitra sy sehatra marolafy no miara-miasa amin'ny FID amin'ny fanatanterahana ny *Asa Vonjy Voina* : ny minisiteran'ny Toekarena sy ny fitantanam-bola, ny minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena amin'ny famerenana ny tafon'ny sekoly simba, ny minisiteran'ny Fahasalaman-bahoaka ho an'ireo tafon'ny toeram-pitsaboana. Fiaraha-miasa amin'ny Kaominina an-tanàn-dehiben'i Toamasina, ny fanadiovana sy fanalana ny potik'hazo eny amin'ny arabe sy ireo toerana iombonana samihafa. Ny tantsoroka ho an'ny sehatra tsy miankina dia iaraha-misalahy amin'ny PIC sy ny Antenimieran'ny varotra ao Toamasina.

Ny fizarana fanampin-tsakafo misy otrik'aina, hatao tsy ho ela dia iarahana amin'ny Vondrona Fandaharanasa nasionaly ho an'ny fanjariantsakafo eny ifotony ao amin' ny Ofisy nasionaly ho an'ny fanjariantsakafo (UPNNC/ ONN). Ankoatra ireo, ny fizarana masomboly any amin'ny distrika Toamasina II, hamerenana indray ny sehatry ny fambolena, dia iarahana amin'ny minisiteran'ny Fambolena sy ny fanjariantsakafo.







Ny « *Asa Vonjy Voina* » dia fandaharanasa fiahina mpiara-belona napetraky ny Governemanta Malagasy, arindran'ny minisiteran'ny Mponina sy ny firaisankina, sy ny Birao Nasionaly misahana ny fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza. Famatsiam-bola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena ary tanterahan'ny FID-Fonds d'Intervention pour le Développement.